# Tendrin' Andriamanitra ny fanambadiana sy ny fianakaviana

## Fanambadiana eo amin'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray

Fandalinana:

Vakio ny Marka 10:6–9; 1 Korintiana 11:11; ary ity teny nambara manaraka ity izay nataon'ny Rahavavy Bonnie L. Oscarson, Filohan'ny Zatovovavy maneran-tany teo aloha. Mitadiava fampianarana momba ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray.



> Ampianarina antsika ao amin'ny soratra masina hoe: "Kanefa ao amin'ny Tompo tsy misy vehivavy raha tsy misy lehilahy, ary tsy misy lehilahy raha tsy misy vehivavy." [1 Korintiana 11:11]. Mba hahatratraran'ny olona rehetra na iza na iza ny fahafenoan'ireo fitahian'ny fisoronana dia tsy maintsy misy lehilahy iray sy vehivavy iray mpivady nofehezina ao amin'ny tranon'ny Tompo, miara-miasa amim-pahamarinana sy mijanona ho mahatoky amin'ny fanekempihavanana nataon'izy ireo. Izany no drafitry ny Tompo ho an'ireo zanany, ka tsy misy ady hevitra na fitsikerana ataon'ny olona, na betsaka toy ny ahoana aza, ka ho afaka hanova izay nambaran'ny Tompo. . . . Aoka isika mba ho mpiaro ny fanambadiana araka ny fomba namaritan'ny Tompo izany sady manohy maneho fitiavana sy fangorahana amin'ireo izay tsy mitovy hevitra amintsika. (Bonnie L. Oscarson, ",Mpiaro ilay fanambarana momba ny fianakaviana," *Liahona*, mey 2015)

Ifanakalozy hevitra ny hoe:

- Amin'ny fomba ahoana no hanampian'ny fanambadiana eo amin'ny vehivavy iray sy ny lehilahy iray ny fanatanterahana "ny drafitry ny Mpahary ho an'ny anjara mandrakizain'ireo zanany"? ("Ny fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao," ChurchofJesusChrist.org).
- Ahoana no ahafahantsika maneho fangorahana amin'ireo izay manana fomba fijery hafa nefa mbola miaro ny fotopampianaran'ny Mpamonjy momba ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray?

## "Maroa fara sy mihabetsaha ary mamenoa ny tany."

Fandalinana:

Vakio ny Genesisy 1:27–28; Salamo 127:3; Marka 10:13–14; ary ity teny manaraka ity izay nambaran'ny Loholona Neil L. Andersen ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Tadiavo ny fampianaran'ny Tompo momba ny zanaka.



> Rehefa mijery ny mason'ny zanaka iray isika, dia mahita zanakalahy sy zanakavavin' Andriamanitra izay nijoro niaraka tamintsika tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana.
>
> Tena voninahitra lehibe ho an'ny mpivady izay afaka manan-janaka ny manome vatana ara-nofo ho an'ireo fanahy zanak' Andriamanitra ireo. Mino ny fianakaviana isika ary mino ny zanaka.
>
> Rehefa ateraky ny mpivady ny zaza iray, dia manatanteraka ny ampahan'ny drafitry ny Raintsika any An-danitra izy ireo, dia ny hitondra zanaka ho ety an-tany. Hoy ny Tompo: "Fa indro, izao no asako sy voninahitro—ny manatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain'ny olona" [Mosesy 1:39]. Mialoha ny tsy fahafatesana, dia tsy maintsy misy ny fiainana an-tany. (Neil L. Andersen, "Ireo zanaka," *Liahona*, nôv. 2011)

Ifanakalozy hevitra ny hoe:

- Amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ny fijerena ny zanaka sy ny fianakaviana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay manampy ny mpivady iray hanao ho laharam-pahamehana ny sasany amin'ireo fanapahan-kevitr'izy ireo?
- Inona no azontsika ianarana avy amin'ny ohatra nasehon'ny Mpamonjy mikasika ny fomba itondrantsika sy ifaneraserantsika amin'ny zanaka?

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_201-1